


ex 17-07-24
Jce PV
✓
CRA ce 04
(élection v PAN)
J6



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitivana • Tanindrazana • Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO
FOTOAM-PIVORIANA MANOKANA
TAONA 2024

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-4

FIFIDIANANA IREO FILOHA LEFITRA MANDRAFITRA NY BIRAO MAHARITRY NY
ANTENIMIERAMPIRENENA

Fivoriana faha-4
Natao ny
Alakamisy 11 Jolay 2024
- Hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa TOKELY Justin

MPITANTSORATRA: Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa
Solombavambahoaka Zandriolona

FOTOANA: Alakamisy 11 Jolay 2024, tamin'ny 6 ora, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA: Fifidianana ireo Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena misahana ny Faritany enina.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana hotanterahina androany izay hofifidianana ireo Filoha Lefitra mandrafitra ny Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena.

Nambarany fa araka ny andininy faha-16, andalana faha-7 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hanatanterahana izany.

Taorian'izay dia natao ny fanolorana ireo kandidà isaky ny Faritany, ka ireto avy izany:

- Faritanin'Antananarivo

Andriamatoa ANDRIAMANANORO RAZAFINARIVO Augustin

- Faritanin'Antsiranana

Andriamatoa MAMANGY Norbert

- Faritanin'i Fianarantsoa

Ramataoa FOMENDRAZA Haingo Elisette

- Faritanin'i Mahajanga

Ramatoa SOAFILIRA Princia

- Faritanin'i Toamasina

Ramatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah

- Faritanin'i Toliara

Andriamatoa RAHAROARILALA Tinoka Roberto Michaël

Niroso tamin'ny fanolorana sy fampahafantarana ireo kandidà ny mpivory.

Niangavy solotena iray hanatanteraka izany, Andriamatoa Filoha, mba hiakatra etỳ anoloana miaraka amin'ireo kandidà ho fidiana.

Nanatanteraka izany ny Solombavambahoaka RAJOELINA Andriam-harimanana Seth.

Nanombohany izany ny momba ny kandidà ho an'ny Faritanin'Antsiranana dia ny Solombavambahoaka MAMANGY Norbert.

Voafidy ho Solombavambahoaka nanomboka tamin'ny taona 2007, tsy manambady, in-4 nanao paodroa nandritra ny fifidianana Solombavambahoaka rehetra izay nataony, tsy nanana mpifaninana tamin'ny fifidianana natao teo ny tenany.

Nambaran'ny mpanolotra fa mendrika ny toeran'ny Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'Antsiranana izy.

Niroso tamin'ny fanolorana ny Filoha Lefitra ho amin'ny Faritanin'i Mahajanga indray dia ny Solombavambahoaka SOAFILIRA Princia.

Efa Minisitry ny Mponina ka noho ny fananany izany traikefa izany, mendrika ny omena ny toeran'ny Filoha Lefitra koa ny tenany.

Niroso tamin'ny fanolorana ny Filoha Lefitra ho an'ny Faritanin'Antananarivo indray taorian'izay dia ny Solombavambahoaka ANDRIAMANANORO RAZAFINARIVO Augustin. Maro ny andraikitra efa nosahaniny nanomboka tamin'ny fitondrana tetezamita ka hatramin'izao. Efa nisahana Minisitera maromaro ny tenany, efa nisahana andraikitra teo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika ihany koa. Miandraikitra ny serasera amin'ny Solombavambahoaka manerana an'i Madagasikara. Antony nanolorana azy ny hampandroso ny Antenimierampirenena amin'izao fanaovana-dalàna vaovao izao.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fanolorana ny Filoha Lefitra ho an'ny Faritanin'i Fianarantsoa dia ny Solombavambahoaka FOMENDRAZA Haingo Elisette. Nisahana andraikitra maro toy ny Ben'ny Tanàna, Governora, Minisitry ny Mponina. Noho ireo traikefa ananany no anolorana azy ho Filoha Lefitra misahana ny Faritanin'i Fianarantsoa.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fanolorana indray ny Filoha Lefitra misahana ny Faritanin'i Toamasina dia ny Solombavambahoaka NAHARIMAMY Lucien Irmah. Nisahana andraikitra maro teto anivon'ny firenena ny tenany, efa Filoha Lefitry ny Faritanin'i Toamasina ihany koa teo aloha, efa Minisitry ny Mponina. Izay no antony anolorana azy ho amin'izany toerana izany.

Niroso tamin'ny fanolorana ny Filoha Lefitra ho an'ny Faritanin'i Toliara dia ny Solombavambahoaka RAHAROARILALA Roberto Tinoka Michaël indray ny mpanolotra. Nambarany fa efa Solombavambahoaka nandritry ny fotoana maro ny tenany, efa niandraikitra ny toerana naha Filoha Lefitry ny Faritanin'i Toliara tato amin'ny Antenimierampirenena koa, Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena, Minisitry ny Fitaterana ary "Consul Général" tao "La Réunion". Izany andraikitra maro nosahaniny izany no anolorana azy ho Filoha Lefitry ny Faritanin'i Toliara.

Nambaran'ny mpanolotra fa efa samy manana ny traikefany daholo ireo kandida enina atolotra ireo, koa nanainga ny mpifidy ny tenany handrotsaka ny vato ho azy enina mianadahy izay natolotra teo.

Nisaotra ny Solombavambahoaka RAJOELINA Andriam-harimanana Seth, Andriamatoa Filoha tamin'ny fanolorana ireo Solombavambahoaka fidiana ho Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena, taorian'izay.

Rehefa izany, nanambara, Andriamatoa Filoha, raha toa mbola misy Solombavambahoaka handray fitenenana.

Nandray fitenenana ny Solombavambahoaka RAKOTONIAINA Pety izay nisilotena ny Vondrona Parlemantera tsy miankina.

Nambarany fa sady taviny no volony ireo enina mianadahy natolotra teo ireo ka nanome toky amin'ny fahalanian'ireo kandidà ny tenany. Nanentana ny Solombavambahoaka miisa 163 koa izy handatsa-bato hifidy azy ireo.

Rehefa izany dia nandray fitenenana ny Solombavambahoaka AFAKANDRO Christian, voafidy tao Mahajanga.

Nambarany fa tsy tokony ho gaga ny Solombavambahoaka amin'ny fahitana ny tenany avy amin'ny Firaisankina manolotra ireo kandidà avy amin'ny IRMAR satria raharaham-pirenena no atrehina ary misolotena ny vahoakan'i Mahajanga koa izy. Maro ny olana nosedrain'ny vahoaka ary mampalahelo azy ireo amin'izao fotoana izao. Izany no antony andraisany fitenenana mba hanehoana ny firaisankina.

Nanentana ny Solombavambahoaka hanohana ny kandidà SOAFILIRA Princia ny tenany taorian'izay.

Nandray fitenenana avy eo ny Solombavambahoaka RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle.

Fiarahabana an'Andriamatoa Filoha amin'ny fahalaniany ho Filohan'ny Antenimierampirenena no nanombohany ny fitenenana.

Nangataka fanazavana mikasika ny fomba fifidianana ireo Filoha Lefitra enina ny tenany satria tsy voatery haharesy lahatra ny mpifidy ireo kandidà natolotra ireo.

Nandray fitenenana ny Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Miarintsoa, voafidy tao Ambatolampy, taorian'izay.

Fiarahabana sy firarian-tsoa an'Andriamatoa Filoha tamin'ny fahalaniany ho Filohan'ny Antenimierampirenena no nanombohany ny fitenenany. Nambarany fa samy manana ny traikefany ireo kandidà ho Filoha Lefitra enina ireo, azo ametrahana fitokisana fa tsy hanala baraka ny Antenimierampirenena izy ireo.

Nanentana ny Solombavambahoaka rehetra hifidy ny kandidà enina mianadahy ny tenany taorian'izay.

Nandray fitenenana ny Solombavambahoaka RATSIRAKA Iarovana Roland, voafidy tao Toamasina I, ka fiarahabana tamin'ny fahalanian'Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena 100% ny tenany. Nanome toky ny Filoha amin'ny fitondrany mandritra ny 5 taona ihany koa. Nambarany fa efa 26 taona no naha Solombavambahoaka ny tenany. Nomarihany fa manerana ny renivohi-paritany no nahazo ny fandresena ny Solombavambahoaka tsy miankina kanefa toa loko politika iray ihany no misy ireo kandidà atolotra hofidiana ka tokony hojerena ny momba izany satria heveriny fa ny Solombavambahoaka MANASOA Donat Tang no kandidà hatolotra ho Filoha Lefitra miandraikitra ny Faritanin'i Toamasina. Notsindriany fa tokony hisy ny toerana ho an'ny vato maty sy ny vato fotsy ao amin'ny bileta tokana.

Nandray fitenenana ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Nicolas, voafidy tao Betroka.

Nambarany fa politika no atao ka tsy izay tian'ny Solombavambahoaka sasany no hatao.

Ny Solombavambahoaka NAHARIMAMY Lucien Irmah dia efa niandraikitra ny toeran'ny Filoha Lefitra ho an'ny Faritanin'i Toamasina ary nahay niara-niaina tamin'ny Solombavambahoaka. Nambarany fa tsy misy ratsy ireo kandidà ho Filoha Lefitra ireo ka tokony hofidiana avokoa.

Avy eo dia niarahaba an'Andriamatoa Filoha tamin'ny fahalaniany ho Filohan'ny Antenimierampirenena ny tenany ary niangavy ny hirosoana amin'ny fifidianana.

Teo dia nandray fitenenana, Andriamatoa Filoha, ka nitondra fanazavana mikasika ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle, voafidy tao Ambatondrazaka sy ny Solombavambahoaka RATSIRAKA Iarovana Roland, voafidy tao Toamasina I.

Nambarany fa rariny ary mitombina ny fanamarihana, nasiany fanazavana ny mikasika ny bileta tokana fa tsy voatery hifidy ny kandida voasoratra ao ny mpifidy fa avela malalaka fotsiny eo rehefa tsy tiana ny kandida hofidiana.

Mahakasika ny fanamarihana nataon'ny Solombavambahoaka RATSIRAKA Iarovana Roland indray, nomarihan'Andriamatoa Filoha, fa efa nisy ny fotoana natokana hametrahana ny filatsahan-kofidiana ary afaka nirotsaka daholo izay nanana faniriana hirotsaka kanefa ireo kandida ireo no nandrotsaka ny filatsahany ka izy ireo no atolotra hofidiana.

Nanao satroka ny Solombavambahoaka RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle, nambarany fa maty ve ny bileta raha asiana tsipika manomboka erỳ ambony ka hatrany ambany ny anaran'ireo kandida?

Namaly Andriamatoa Filoha fa azo atao izany raha izay no mahamety azy.

Nitohy tamin'ny fandraisam-pitenenana ny Solombavambahoaka ka nanatontosa izany Andriamatoa MANASOA Donat Tang.

Fisaorana sy fiarahabana an'Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena tamin'ny nahavoafidy azy ho Filohan'ny Antenimierampirenena no nanombohany ny fitenenana ary nanamafy ny fanohanany ny Filoha ny tenany.

Nisaotra an'Andriamatoa RATSIRAKA Iarovana Roland tamin'ny teny nataony ny tenany ary nambarany fa tsy hirotsaka kandida ho mambra ao amin'ny Birao Maharitra ny tenany.

Nanentana ny Solombavambahoaka handrotsaka ny vatony ho azy enina mianadahy ny tenany ary nosinganiny manokana tamin'izany ny Solombavambahoaka NAHARIMAMY Lucien Irmah, kandida ho Filoha Lefitry ny Faritanin'i Toamasina izay mendrika ny hanohy ny asa efa nosahaniny tamin'izany.

Niangavy an'Andriamatoa Filoha amin'ny hirosoana amin'ny fifidianana ny tenany rehefa izany.

Nomen'Andriamatoa Filoha fitenenana ny Solombavambahoaka HANOIGNONA Hervé, voafidy tao Betioky Atsimo, ka nambarany fa efa voalazan'Andriamatoa Filoha teo ny zavatra tiany ambara mikasika ny fomba fifidianana.

Nomen'Andriamatoa Filoha fitenenana ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry voafidy tao Toliara I, ka fiarahabana an'Andriamatoa Filoha tamin'ny fahalaniany ho Filohan'ny Antenimierampirenena no nanombohany ny fitenenany ary nirarisoa sy nitsodrano hahatontosa ny andraikitra mankadiry miandry azy.

Nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba hifidy ny kandida RAHAROARILALA Tinoka Roberto Michaël ho eo amin'ny toeran'ny Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Toliara ny tenany teo ampamaranana ny teniny.

Nandray fitenenana ny SolombavambahoakaMANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa, ka fialan-tsiny noho ny fiakarany sy fidinany teny amin'ny «perchoir» tamin'ny zava-nitranga omaly no nanombohany izany. Nambarany ihany koa fa taratry ny demokrasia eto amin'ny Antenimierampirenena ny fanoloran'Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry ho kandida Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena an'Andriamatoa RAHAROARILALA Tinoka Roberto Michaël, ka nanasa azy mirahalaha mba hifandray tanana ny tenany.

Nangataka tehaka ho azy mirahalaha, Andriamatoa Filoha, tamin'ny fihetsika nasehony izay manamarika ny mahatsara fiantombohana ity fe-potoana fanaovan-dalana ity satria mampiseho fihavanana sy fandeferana izany, ka nisaorany azy mirahalaha ary tokony hakana ohatra halain-tahaka.

Taorian'izay dia mbola nomen'Andriamatoa Filoha fitenenana ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Augustin, voafidy tao Marolambo.

Nanentanana ny hisian'ny firaisankina ao Toamasina ny tenany mba ho tombotsoan'io Faritany io. Niangavy ny rehetra ny tenany hifidy ny kandida ho Filoha Lefitra misahana ny Faritanin'i Toamasina.

Nandray fitenenana ny Solombavambahoaka MAMIHAJA Charlot, voafidy tao Mananjary.

Fiarahabana an'Andriamatoa Filoha tamin'ny nahavoafidy azy ho Filohan'ny Antenimierampirenena no nanombohany ny fitenenany.

Nanentana ny Solombavambahoaka zanak'i Fianarantsoa ny tenany mba hifidy ny kandida FOMENDRAZA Haingo Elisette noho ny traikefa ananany izay efa Ben'ny Tanana tao Ambositra, efa Governora tao Ambositra ary efa Ministry ny Mponina ihany koa.

Namarana ny fandraisam-pitenenana ny Solombavambahoaka RAKOTOSON Hubert voafidy tao Mahanoro, ka fiarahabana an'Andriamatoa Filoha tamin'ny nahavoafidy azy ho Filohan'ny Antenimierampirenena no nanombohany ny fitenenana. Nambarany fa manohana ny kandida ho Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena enina mianadahy ny Solombavambahoaka tsy miankina. Nambarany ihany koa fa manohana ny kandida ho amin'ny Filoha Lefitry ny Faritanin'i Toamasina koa ny tenany.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandatsaham-bato ny Solombavambahoaka ka araka ny andininy faha-16, andalana faha-4 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hanaoavana izany, izay milaza hoe: «Ho an'ny fifidianana ireo mpikambana hafa ao amin'ny Birao, ny Filoha dia ampian'ny mpikambana enina zandriny indrindra ao amin'ny Antenimiera, tsy mpilatsaka hofidina izay manao ny asan'ny mpitantsoratra. Izy ireo no manara-maso ny fiantsoana anarana sy ny fanisana ny vato. Mpanisa vato roa no manampy azy, tsy mpilatsa-kofidina ao amin'ny Birao Maharitra, tendren'ny Antenimierampirenena ».

Niangavy ireto Solombavambahoaka manaraka ireto ny tenany hanatanteraka izany, ka ireto avy izy ireo, Andriamatoa isany:

- MANANTENA Hajanirina Dinah
- GOULAMALY Jacques Bruno Fils
- MENAVOLO Alban
- MONG MANN Bismark
- RAKOTOMALALA Biri Golbert
- MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa

Niangavy ny Solombavambahoaka Zandriolona indrindra, Andriamatoa Filoha hanatanteraka ny fiantsoana ireo mpifidy handatsabato, ka ny Solombavambahoaka MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa no nanatanteraka izany,.

Nambarany fa miroso eny anoloana araka ny filaharany ny Solombavambahoaka, mandray ny bileta ary mamonjy ny trano fisainana, avy mandrotsaka ny bileta ao anaty vata mangarahara no sady manonona ny anarana sy ny laharana ary ny distrika naha voafidy.

- Fandatsaha-bato -

Rehefa vita ny fandatsaham-bato dia niroso tamin'ny fanisam-bato ny mpivory ka 160 no isan'ny Solombavambahoaka nandatsa-bato, 160 ihany koa no isan'ny bileta tao anatin'ny vata mangarahara.

- Fanisam-bato -

Taorian'izay dia nanambara ny vokatra ofisialy momba ny fifidianana ho Filoha Lefitra avy amin'ny Faritany enina, Andriamatoa Filoha ka toy izao izany:

- Filoha Lefitry ny Faritanin'Antananarivo:

Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 163

Vato azon'Andriamatoa RANDRIAMANANORO Augustin: 151

Vato fotsy: 07

Vato Maty: 02

- Filoha Lefitry ny Faritanin'Antsiranana:

Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 163

Vato azon'Andriamatoa MAMANGY Norbert: 150

Vato fotsy: 07

Vato maty: 03

- Filoha Lefitry ny Faritanin'i Fianarantsoa:

Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 163

Vato azon-dRamatoa FOMENDRAZA Haingo Elisette: 155

Vato fotsy: 05

Vato Maty: 00

- Filoha Lefitry ny Faritanin'i Mahajanga:

Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 163

Vato azon-dRamatoa SOAFILIRA Prinçia: 152

Vato fotsy: 07

Vato Maty: 01

- Filoha Lefitry ny Faritanin'i Toamasina:

Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 163

Vato azon-dRamatoa : Ramatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah: 148

Vato fotsy: 10

Vato Maty: 02

- Filoha Lefitry ny Faritanin'i Toliara:

Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 163

Vato azon'Andriamatoa RAHAROARILALA Tinoka Roberto Michaël: 148

Vato fotsy: 11

Vato Maty: 01

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, tamin'ny fomba ofisialy, fa lany ho Filoha Lefitra eto amin'ny Antenimierampirenena ireo kandidà izay natolotra teo ary niangaviany mba hiakatra eny anoloana. Ireto avy izy ireo:

Faritaninan'Antananarivo: Solombavambahoaka RANDRIAMANANORO Augustin

Faritanin'Antsiranana: Solombavambahoaka MAMANGY Norbert

Faritanin'i Fianarantsoa: Solombavambahoaka FOMENDRAZA Haingo Elisette

Faritanin'i Mahajanga: Solombavambahoaka SOAFILIRA Prinçia

Faritanin'i Toamasina: Solombavambahoaka NAHARIMAMY Lucien Irmah

Faritanin'i Toliara: Solombavambahoaka RAHAROARILALA Tinoka Roberto Michaël

Taorian'izay, nirahaba azy ireo ny tenany hahavita sy hahatontosa antsakany sy andavany ny adidy miandry azy ireo tsirairay avy.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiato 5 minitra, ny fivoriana ary mitohy indray rehefa avy eo.

Niato tamin'ny 8 ora sy 20 minitra, alina ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.


NY FILOHA
TOKELY Justin